## Raharaham-pirenena 2
**Ny lainga mantsina manara-penitry ny mpitondra**

## K25 Benelux 3
**Fikaonandoham-pirenena ihany no vahaolana amin'ny krizy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


## Politikan-dRajoelina 3
**Politika fahalemena mialokaloka ambadik' ireo manana fitaovam-pamoretena**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 13 desambra 2022 Laharana 1378 Vidiny : 600 Ar


### Fianarantsoa: 20 taonan'ny TIM sy fetin'i Dada 2

# Olona 2000 mahery niara-nisakafo tamin'ny filoha Ravalomanana



### Matsiatra Ambony sy Fianarantsoa 6

# Manana solofo mpandimby ny antoko TIM



### Lalambe migodana Talatavolonondry 6

# Potika ny tanimbary sy tanimbolin'ny mponina



### Tanora Arema 2

# Tontosa ny fihaonamben'ireo solontena avy amin'ny distrika 119




**Homamiadan'ny nono 6**
Mpikaroka Malagasy nahavita fitaovana ahafahana mitsirika azy

**Fitaterana an'habakabaka 7**
Nisokatra ny sidina Mahajanga - Nosy Mayotte

**Daka kely**

Tsy misy henatra intsony fa toa lany andro mifampiaro amin'ny ratsy ilahy isany ry Boaikely a !

FIANARANTSOA: 20 TAONAN'NY TIM SY FETIN'I DADA

# Olona 2000 mahery niara-nisakafo tamin'ny filoha Ravalomanana

Nitsidika ny tany Fianarantsoa renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko TIM hatramin'ny omaly. Fety roa sosona no niarahany nifety tamin'ny tany Fianarantsoa tamin'izany, teo ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko izay najorony, teo koa ny fankalazana ny tsingerin-taona nahaterahany omaly 12 desambra. Ankoatra izany, nisy koa ny kongresim-paritry ny antoko Tiako i Madagasikara ho an'ny faritanin'i Fianarantsoa teo aloha, izay nahitana ny solontena avy any Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Ihorombe, Vatovavy, Fitovinany ary ny avy amin'ny antoko TIM amin'ny faritra Atsimo Atsinanana. Anisan'ny nivoitra tamin'izany, fa miantso ny filoha Marc Ravalomanana hirotsaka hofidiana indray izy ireo amin'ny taona ho avy, satria efa latsaka an-katerena tanteraka ny firenena. Fa feno dia feno ny fandaharam-potoanan'i Dada tany amin'ny renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony izao, ny sabotsy atoandro teo izy dia nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny fampiantiana maneho ny lalana nodiavin'ny antoko TIM nandritra izay 20 taona nijoroany izay. Ny tolakandro, nampiofana momba ny fahaiza-mitarika, ireo kristiana tao amin'ny fiangonana FJKM Antarandolo Fitiavana, niaraka tamin'ny sekretera jeneralin'ny FJKM, Pasitera Jaona Rakotonindrainy. Ny alahady, niara-nivavaka tamin'ireo mpino tao amin'ny FJKM Fehizoro Mampiray Amponenana. Omaly alatsinainy, izay andro lehibe ho an'ny filoha Marc Ravalomanana, noho ny fitsingerenan'ny andro nahaterahany, niara-niasakafo sy niara-nifety tamin'ny mpikatroka TIM, sy olona sahirana, miisa 2000 mahery avy amin'ireo fokontany rehetra ao amin'ny renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony i Dada. Omby 2 no novonoina tamin'izany ho nofon-kena mitam-pihavanana. Nanotrona ny fotoana tany an-toerana ny sekretera jeneraly sy ny mpandrindra nasionalin'ny antoko, Rina Randriamasinoro sy Jean Claude Rakotonirina, ny filoha lefitra nasionalin'ny antoko TIM any Fianarantsoa Dokotera Elysée. Nambaran'ny filoha Ravalomanana nandritra izany, fa tonga amin'izay ny fotoana itenenana, tsy maha maika ahy ny hitondra indray, na izany



Ny filoha Marc Ravalomanana tany Fianarantsoa.

aza, manana vaha olana amin'izao krizy samy hafa misy eto amin'ny firenena izao aho, hoy ity ray amandreny ity. Nambarany ihany koa fa tokony ho fifidianana 3 no hatao amin'ny taona 2023 dia ny fifidianana ben'ny tanàna, ny fifidianana ireo mpanolotsainan'ny kaominina ary ny fifidianana filohampirenena. Tsy vonona amin'izany fifidianana izany ny CENI hoy izy, nefa tsy azo ekena koa ny fandikana lalampanorenana amin'ny mety ho fanalavana ny fotoam-piasan'ny mpitondra. Ilaina ny fidirana anatin'ny lisitry ny mpifidy, tsy maintsy hisy foana ny fifidianana, tokony ho mailo sy hanara-maso akaiky izany koa ny mpifidy hoy ihany ity mpandraharaha mpanao politika ity. Mahakasika ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, ny tsy fahaiza-mitantan'ny fitondrana, no fotrotry ny fahantrana, sy ny fahasahiranan'ny vahoaka ankehitriny. Nosoritany fa tena mahay ny Betsileo nefa be fandeferana, nanambara kosa ny solontenan'izy ireo fa tsy hanaiky lembenana sy handefitra intsony ny zanaky ny faritanin'i Fianarantsoa sy ny Betsileo, fa hijoro hiaro ny tombontsoany sy ny vahoaka. Nalai-nisaraka i Dada sy i Fianarantsoa, nandritra ny hateloana nitsidihany ny renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony izao.

**Isambilo**

Tanora Arema

# Tontosa ny fihaonamben'ireo solontena avy amin'ny distrika 119

Nifarana ny harivan'ny sabotsy lasa teo ny fikaonandoha sy fihaonambe teo amin'ny tanora Arema, sy ireo mpikamban' ny Marema manerana ny distrika 119 eto Madagasikara. Nandritra ny 3 andro no nanaovana izany teto Antananarivo. Nandritra izany no nanomezana fiofanana ho an' ireo tanora tonga nandray anjara rehetra, ka nomena azy ireo tamin'izany ny fanofanana momban'ny politika sy ny mombamomba ny antoko, ny Leadership ary ny fifandraisana. Ilain'ny tanora izany fiofanana izany hoy ny sekretera nasionalin'ny antoko ramatoa Annick Ratsiraka, satria izy ireo



Ny fikaonandoha sy fihaonamben'ny tanora Arema teto Antananarivo, ny herinandro lasa teo.

no ho avin'i Madagasikara.

Fa nandritra izao fihaonambe naharitra hateloana izao ihany koa, no nanaovana ny fifidianana ny birao hitantanana ny fikambanana tanora eo anivon'ny antoko Arema . 4 no nilatsaka ho fidiana ka nahazo vato 46 ny filoha vaovao hitantana ny fikambanana. Manomboka eto dia Andriamatoa Matio Rakotonirainy no filoha, hiampy iray indray araka izany ny comité directeurs ao amin'ny Arema . Ireo 3 izay tsy lany tamin'ny fifidianana kosa dia samy ho lasa filoha lefitra avokoa.

Nambaran'Andriamatoa Matio Rakotonirainy, fa isan'ny tanjona izay apetrany amin'izao fotoana hitantanany izao ny hanentana indray ireo tanora ao anatin'ny antoko, mba harisika amin'ny asa rehetra izay atao, hanampy ireo tanora ihany koa ny fikambanana ary ny fanohanana ireo programanasa izay atolotry ny sekretera nasionaly.

**Stefa**

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Nanampy mpianatra niofana momba ny fiteny Anglisy

Nanampy mpianatra niofana momba ny fiteny Anglisy, ny depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ao amin'ny Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra, Todisoa Andriamampandry. Nisy ny herinandro teo, ny famoahana tanora niofana teny anglisy maimaimpoana teny Ambohimanarina. Nanampy ireo mpianatra ireo ny depiote: tsy nisy ny saram-pianaran'izy ireo ary nozaraina polycopes maimaimpoana ireo mpianatra ireo, nandritra ny volana maro izay nianarany ny teny anglisy, ka ny famatsiana izany dia niarahana nisalahy tamin'ny Fikambanana NY ANDRAINA, sy ity olom-boafidy ity. Nambarany ny depiote Todisoa nandritra izany, fa mba ho modely ho an'ireo ankizy dia nampiana ny mpampianatra teo amin'ny fitadiavana lalana hiasa any Etazonia, ny fikarakarana ny dossier ary ny fanomanana ny dia, izay hanainga afaka andro vitsivitsy. Na izany aza hoy izy dia mitohy hatrany amin'ny taona vaovao ny fampiofanana teny anglisy ary torak'izany koa ny informatika.


Ny depiote Todisoa, sy ireo mpianatra niofana momba ny fiteny Anglisy.

**Stefa**

## Ny Valosoa sy fakafaka

Raharaham-pirenena

# Ny lainga mantsina manara-penitry ny mpitondra

Hita sy tsapa tamin'izao fotoam-pamaranana ny taona 2022 izao, fa be ireo tandrevaka politika ataon 'ny fitondrana Rajoelina, raha ny akom-baovao miparitaka eny rehetra eny. Tamin' ny herinandro teo, no nankalazaina ny andro iadiana amin'ny kolikoly maneran-tany, izay tokony hanomezan'ny rehetra tsy an-kanavaka vahana ny fahamarinana amin'ny lafiny maro samihafa. Ny antsika eto Madagasikara moa dia efa ela no niadiana amin'izany ny Bianco sy ny Pac , miray dia amin'ny polisy sy zandary ary ny miaramila manodidina ireo hetraketraka sy toetra ratsy isan-karazany. Tsorina anefa fa be ireo dahalo ambony latabatra manao asa ratsy, izay manam-pahefana tsy lavitry ny mpitondra ny ankamaroan'izy ireny, ka tsy misahana asa amin'ny marina fa manao LAINGA MANTSINA hoy ny tanora raha ny fahitana azy.

Lainga mantsina hoy ny rehetra sendra anay, izay samy nanome rariny ny fitsipaham-pitokisana nosoniavin'ny solombavambahoaka 105, teny amin'ny Antenimierampirenena. Lainga hafakely no nambaran'ny filohan'ny Antenimierampirenena, sy ireo mpiray dia aminy, nolazaina fa tsy marim-pototra ny taratasy porofo niarahan' ny rehetra nanao sonia. Noporofoin'ny antoko sasany ihany koa ny alakamisy lasa teo, tamin'ny fitondrana fako iray garaba, ny tenin'ny ben'ny tanàna Vazahabe, ho fanehoana ny teny izay nataony fony izy nanao fampielezankevitra teo aloha ireny, hirotsaka ho fidiana. Lainga mantsina ihany koa hoy ireo fokonolona Atsimondrano sendra anay, satria na ny andraikitra sahan'ireo ao amin'ny CENI aza, dia misy zavatra tsy mazava ny daty sy ny vola enti-manatanteraka izany, dia takona tanteraka, ary nilaza ny hafatra azonay, fa ny halatra sy ny tsy rariny amin'ny fotoam-pifidianana mety hitranga, dia ilay fitaterana voka-pifidianana hita ao anaty valopy be ohatra, ka ho entina eny amin'ny ati-tany na eny amin'ny foiben-toerana fanisam-bato, lasa valopy hosoka tsy mazava rehefa tonga eny amin'ny famoaham-bokatra. Lasa be ireo tandrevaka, feno lainga mantsina manara-penitra.

**Beharo**

Radio Feon'Imerina

# Niverina amin'ny laoniny toy ny teo aloha ny fandaharany

Niverina amin'ny laoniny toy ny teo aloha ny fandaharan'ny Radio Feon'Imerina, FM 101.6 Mhz. Nifarana ny fampiantranoin'ity onjampeo tsy miankina ity, ny fandaharana novokarin'ny firaisamonim-pirenena tao amin'ny Onjam-peo Feon'Imerina. Miverina toy ny nahazatra hatramin'izay dimy ambiniroapolo taona nisiany izay, noho izany ny fandaharany.

Tsiahivina fa ny Feon'Imerina dia onjampeo mahaleotena, tsy miankina amin'ny antoko politika, na antokom-pivavahana, na koa amin'ny fikambanana. Ny fankalazana ny faha dimy ambiniroapolo taona, hoy ny tompon'andraikitra, no tanjona manaraky ny onjampeo amin'io taona 2023 ho avy io.



Ny sary famantarana ny Radio Feon'Imerina.

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Politikan-dRajoelina

# Politika fahalemena mialokaloka ambadik'ireo manana fitaovam-pamoretena

Sangodimpanina politika azo heverina fa hampidaraboka izao fitondrana izao ny tranga etsy sy eroa efa nanomboka tamin'ny nandraisan-dRajoelina Andry ny fitantanana ny Firenena. Politika ny fanomezan-toky rehetra: IEM, PEM, Plan Marshall, velirano 13, nataon'ny filohan'ny Repoblika, talohan'ny fifidianana, nandritra ny fampielezan-kevitra, taorian'ny namoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny didy tsy azo ivalozana, fa izy no lany ho filohan'ny Repoblika, tamin'ny fitsidiham-paritra nataony rehetra. Tena politika avo lenta ny nanambarany fa ravàna ny Antenimierandoholona, fa mpandany vola kanefa dia naverina indray saingy nahena ho valoambinifolo ny isan'ny mpikambana. Politika mety ho « mitsinjo lavitra » ny tsy nanatanterahana fifidianana izay ho filohan'ny Faritra, ka nanendrena governora ho eo amin'izany toerana izany. Politika no tao ambadiky ny raharaha Apollo 21, ka nampidirana am-ponja manamboninahitra ambony. Tsy azo lavina fa politika no nanagadrana ireo mpampaneno lakolosy sy mpamoaka vaovao manozongozona ny fitondrana eo amin'ny toerany. Politika ny tsy fahasahiana misambotra sy mampiditra am-ponja ireo minisitra sy depiote mandika lalàna sy manondrana an-tsokosoko harem-pirenena. Politika fanapotehana ireo orinasam-pirenena toy ny Air Mad, Secren, Sirama, Madarail sns,…ary nanangana ireo orinasa toy ny Madagascar Airlines, Spm,… satria hitsentsitra ny tombony ho azon'ireo mpitantana ireo orinasa ireo. Politika, ny fanitsakitsahan'ny filohan'ny Repoblika ny Lalàmpanorenana miverimberina kanefa tsy sahy mandray andraikitra manoloana izany ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Politika tena tsy mendrika ny Andrim-panjakana ny fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana izay tsy manaja ny fisaraham-pahefana, ka ny fahefana mpanatanteraka indray no mibaiko sy manaramaso ny fahefana mpanao lalàna. Politika entina mandemy saina ny fandrangarangana adim-poko, satria na ny mpanjanaka aza niala maina ka tsy tafiditra tamin'izany ny Malagasy tsy vakivolo. Tsy vitsy anefa ny mahay mandinika sy mahafantatra ny politika itantanan'izao fitondrana izao ny Firenena, ka tsy ho fanina na hivembena fa hijajirika mandrakariva eo amin'ny fanapahan-kevitra noraisiny. Iaraha-mahalala fa nametraka fitsipaham-pitokisana ny Praiminisitra ny solombavambahoaka miisa dimy ambizato. Voarain'ny teny amin'ny fiadidian'ny Priomatiora ary efa nampitaina tamin'ny solombavambahoaka rehetra sy natao petadrindrina izany. Niaraha-nahita tamin'ny vaovao ihany koa fa niasa tany ivelan'ny Lapam-panjakana indray ny filohan'ny Repoblika rehefa nampahafantarina io fitsipaham-pitokisana io, ka nampiantso ny depiote sy ny Filohan'ny Antenimirampirenena, ka nanivaiva azy ireo sady nanome baiko ny hisintonana ny fitsipaham-pitokisana, fa tsy ekeny hono. Fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana indray izao nataon-dRajoelina Andry izao ary tena azo lazaina ho famadihana Tanindrazana, satria ny tena anisan'ny teboka lehibe nanaovany fianianana ny fanajana izany. Andrasan'ny Malagasy mangetaheta fivoarana sy fahendrena eo amin'ny fitantanana ny Firenena ny hamoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana didy tsy azo ivalozana ho fanesorana amin'ny toerany ny filohan'ny Repoblika, satria tsy voalohany ity fandikan-dalàna ity. Rehefa bangoina ireo fibolisarana rehetra nataon'ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, sy ny ekipany izao dia politika fahalemena ary politika fialokalofana ao ambadiky ireo manana ny fitaovam-pamoretena. Tsy azo adinoina anefa fa manana ankohonana miaina miaraka amin'ny mpiarabelona aminy izy ireo, sady mizaka ny vesatry ny fiainana eo amin'ny lafiny rehetra toy ny olompirenena, ka tsy maintsy hijoro, na ho ela na ho haingana, hanohitra izao tsy fanjariam-piainana ampiharin'ny fitondrana Rajoelina Andry izao. Izay voalaza rehetra teo izay dia manambara, fa tompondaka amin'ny fibolisarana koa Rajoelina Andry.

**Andry Tsiavalona**

---

Mananjara Boriboritany faha-4

# Nahazo lalankely sy bassin, fiaraha-miasa tamin'ny depiote Ramboasalama

Notontosaina ny herinandro teo ny fanolorana ny asa fampandrosoana, lalànkely sy "Bassin public" na fanasan-damba ho an'ny daholobe, tao amin'ny fokontany Mananjara, Boriboritany faha-4 eto Antananarivo renivohitra, fiaraha-miasa tamin'ny depiote avy amin'ny antoko TIM, ny Solombavambahoaka RAMBOASALAMA EMILIEN, sy ny Ministeran'ny Atitany ary ny Fitsinjaram-pahefana. Namatsy vola izao tetikasa izao ny Crédit d'investissement des appuis au développement ( CIAD ). Niatrika ny fotoana koa, ny solontenan'ny Distrika ao Antananarivo IV, sy ny Sefo fokontany Mananjara.

**Isambilo**



*Toeram-panasan-damba vita, ao amin'ny fokontany Mananjara Boriboritany faha-4.*

---

## TONONKALO

### MBA METEZA HANETRY TENA

Ireny ve no mba lazaina ho mahay manetry tena,
Nefa dia misehoseho sy tia misalotra ny tsy azy ?
Hisidintsidina , hisavoana , izany hatrany no kendrena ?
Tena toy ny volom-borona hoy ireo mpamazivazy !

Ireny ve no mba lazaina ho mahay manetry tena,
Nefa loza raha hifety sy handanilany foana ?
E ! jereo `ty firenena , bokan-trosa , mahonena ,
Nefa dia teleferika no tadiavina hirosoana !

Ireny ve no mba lazaina ho mahay manetry tena,
Nefa lalina ny fihetsiny raha vao vory ny vahoaka !
Fidedahana no betsaka , hainy ny mampanantena.
Raha fehezina dia tsotra : aotra fa tsy misy hapoaka !

Ireny ve no mba lazaina ho mahay manetry tena,
Nefa tsy afaka hampiato ireo karazan-drendrarendrany ?
Hita taratra eny foana ny tsy ampy fahendrena.
Ampangain`ny hoerahoera sy ny tetikasa vendrany !

**TSIMIMALO (06-12-22)**

---

K25 Benelux

# Fikaonandoham-pirenena ihany no vahaolana amin'ny krizy misy eto



*Hery Rasoamanana, avy amin'ny K25 Benelux.*

Nandalo teto an-tanindrazana ny filohan'ny K25 Benelux, na ny komity manohana ny filoha Marc Ravalomanana any Belgique, Luxembourg ary Nederland na Pays-Bas, Hery Rasoamanana. Naneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena eto amintsika izy nandritra izany.


Latsaka an-katerena tanteraka ny firenena amin' izao fotoana hoy ny K25 Benelux, ny vahaolana amin'izany dia tsy misy afa-tsy ny firosoana amin' ny fikaonandoham-pirenena ihany hoy izy, no ialana amin'izao krizy samy hafa misy eto amin'ny firenena izao : krizy politika, krizy sosialy ary krizy ara-toekarena ihany koa. Fikaonandoham-pirenena, izay hitadiavan'ny avy amin'ny mpanohitra, sy ny mpomba ny fitondrana izay efa hita fa mivakivaky ankehitriny, vahaolana iombonana, satria ny hevitry ny maro no mahataka-davitra. Miantso ihany koa ity filohan'ny K25 Benelux ity, miantso ireo rehetra resy lahatra tamin' ny fitondran'ny filoha Marc Ravalomanana, hiaro izay hanaovana fikaonandoham-pirenena izay. Mbola manentana ny rehetra hampandresy ny foto-kevitry ny filoha Ravalomanana koa izy ireo ary resy lahatra, fa ny MAP1 sy ny MAP2 an'i Dada dia lalana anisan'ny hitondra vahaolana amin'izao krizy misy eto amin'ny firenena izao. Entanina koa ny rehetra hoy izy hiditra hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana noho izany. Efa mahatsapa izay tsy fetezam-pitantanana eto amin'ny firenena izay koa ireo depiote maro an'isa eto amintsika, tamin'ny saika nanaovan'izy ireo fitsipaham-pitokisana ny governemanta, anjaran' ny rehetra noho izany ny miaro azy ireo. Ary tsy ny governemanta ihany no tokony hoesorina hoy ity Malagasy mpanao politika any ivelany ity, fa ny filoha Rajoelina mihitsy, izay mpamoky lainga ny vahoaka. Ohatra amin'izany hoy izy, ny lalana migodana izany raha any Frantsa na any Belgique, ny 120 km dia 5 taona vao mety ho vita ary ny fanomanana an'izany dia maharitra 2 taona, ka tsy mampino hoy izy ny hahavitana lalambe migodana 80 km ao anatin'ny 120 andro. Ankoatra izany, efa sangy mihoatra ny loha izao ataon'ny fitondrana izao, tsy afa-manoatra anefa ny vahoaka maro an'isa satria efa resy sy reraka, nefa mbola mino izahay hoy izy fa mbola hiposaka ny marainan'izy ireo.

Ho famaranana hoy i Hery Rasoamanana, jereo sy araho maso hentitra ny lisi-pifidianana, tokony hasiana sary koa ny kara-pifidianana hialana amin'ny hosoka sy ny « doublons ». Nasiany resaka koa ny tsy fahavitan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra manala ny fako, famonoana olona an-kolaka ny fako tsy afaky ny ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina sy ny ekipany, satria miteraka aretina maro samihafa. Noanteriny fa manohana ny foto-kevitry ny filoha Marc Ravalomanana ny K25 Benelux ary miasa ho amin'ny fiverenany eo amin'ny fitondrana indray.

**Isambilo**

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.
Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Mirana R.

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko TIM tao amin'ny Magro Fianarantsoa.









Ny fikaonandoha sy fihaonamben'ny tanora Arema teto Antananarivo ny herinandro teo.











## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy


*"Raha sitrak'i Jehovah ny alehan'ny olona, na dia ny fahavalony aza dia hampihavaniny aminy."*

***Ohabolana 16:7***

### « Rallye Bosch Ct Motors 2022 »

# Norombahin'i Fred sy Mick nitondra Subaru Impreza

Tontosa ny faran'ny herinandro teo (zoma 09, sabotsy 10 ary alahady 11 desambra 2022) ny fifaninanana rallye Malagasy « Rallye Bosch Ct Motors » andiany faharoa izay nahitana dingana manokana niisa 12 nirefy 168 km ka norombahin'i Fred sy Mick (Rabekoto Fréderic – Ratrimoarinosy Mick) nitondra Subaru Impreza indray ny fandresena tamin' izany toy ny efa nandrombahin'izy ireo ny Rallye Asacm 2022 sy ny Rally RIM 2022 ary ny Rallye Passio III 2022 ihany koa. Tsy ampy nandrombahan'izy ireo ny anaram-boninahitra nasiônaly 2022 amin'ny rallye anefa izany fa mbola manatombo « 0,6 point au cumul » manoloana azy ireo ny ekipazy Mathieu sy Tahina (Andrianjafy Mahieu sy Rakotomalala Andry Tahina) izay faharoa tamin'ity rallye Bosch Ct Motors 2022 ity nefa dia voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara 2022 noho io tombona fotoana azon'izy ireo io. Fanintelony taorian'ny tamin'ny taona 2007 sy 2013 izany izao i Mathieu sy Andry Tahina no nandrombaka an'izany anaram-boninahitra izany rehefa nitondra an'ireo fiara Subaru sy Mitsubishi. Nitana ny laharana fahatelo nameno ny « Podium » tamin'ity rallye Bosch Ct Motors ity ny ekipazy Danielson Haja sy Raberiaka Rivo nitondra ny Ssangyonug Musso. Voalohany teo amin'ny sokajy SSV kosa i Randriamifidimanana Lasa sy Rasolofoniaina Tsiresy Tommy nitondra ny Polaris Pro XP.



*Fred sy Mick nitondra Subaru Impreza.*

***Rainilita***

### Rugby iraisam-pirenena, Andohatapenaka

# Nisaraka ady sahala ny Makis lehilahy sy ny Réunionnais

Nisara ady sahala 40-40 ny ekipan'ny Makis senior lehilahy sy ny ekipam-pirenen'i La Réunion tamin' ny lalao rugby à XV arapirahalahiana iraisam-pirenena notontosaina tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny alahady 11 desambra 2022 lasa teo. Teo amin' ny lalao iraisam-pirenena “rugby à 7” vehivavy kosa izay mbola notontosaina tamin'io alahady 11 desambra io ihany ka nifanandrinan-dry zareo “Réunionnaise à 7” vehivavy tamin'ny “Makis à 7” vehivavy dia lavon'ny Malagasy tamin'ny isa 21 – 05 ry zareo vahiny. Vokatra hafa teny amin'ny Makis Andohatapenaka tamin'io alahady io : Fifaninanana “match amical” : CEA Andranomanalina 44-23 FTBA Andohatapenaka. Fifaninanana Top 20 : FTAT Anosibe 42-25 FBM Bemasoandro, TAM Anosibe 28-24 SCB Besarety. Tamin'ny asabotsy 10 desambra 2022 kosa dia nisy ny lalao iraisam-pirenena “ruby à 7” nifanandrinan'ny mpana “rugby à 7” Réunionnais sy ireo mpilalao “rugby à 7” vehivavy Malagasy. Ireo vokatra azo : MADA 1(14)-(33) MADA 2 REUNION (5)-(12) MADA 3 MADA 1 (24)-(33)MADA 3 REUNION (7)-(26) MADA 2 MADA 2 (45)-(17)MADA 3 REUNION (14)-(17) MADA 2.



*Makis senior lehilahy sy La Réunion teny Andohatapenaka.*

***Rainilita***

### « Orange Pro League 2022/2023 »

# Amin'ny taona 2023 indray ny andro faha-5 sy faha-6

Amin'ny taona 2023 indray rehefa tafaverina avy any Algérie hiatrika ny fifaninanana Chan 2022 vao hitohy ny andro faha-5 sy faha-6 amin'ny fifaninanana « Orange Pro League 2022/2023 » ankoatra ny lalao tara izay hifandonan'ny USCA-FOOT amin'ny ASA amin' ny alakamisy 15 desambra 2022 izao hatao eny amin'ny kianjan'Alarobia hanomboka amin'ny 11 ora. Niditra amin'ny fampivondronana nanomboka omaly 12 desambra 2022 hanomana ny CHAN 2022 ny mpilalaon'ny Barea Chan izay saika ireo mpilalao mandray anjara amin'ny « Orange Pro League 2022/2023 » avokoa no mandrafitra azy. Tontosa tamin'ny faran'ny herinandro teo aloha ny andro faha-4 amin' ity fifaninanana « Orange Pro League 2022/2023 » ity ka nahazoana ny vokatra : “Conférence Nord” : Cosfa 2 – 1 Uscafoot, Ajesaia 3 -1 As Fanalamanga, Tffc 0 – 2 Fosa Juniors Fc, Tia Kitra 2 – 2 Asa Diana. « Conférence Sud » : Elgeco Plus 1 – 2 Zanakala Fc, Jet Kintana 3 – 0 3Fb Toliara, Disciples Fc 1 – 2 Mama Fc Ilakaka, Dato Fc 2 – 0 Cffa.



*Lalao OPL 2022-2023.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Kitoza fumée** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Jus fanafody vavony sy aty

Jus fanafody vavony indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ho an'ny marary vavony, aty tsy mahazaka menaka.
Zavatra atao: concombre mixer-na amin'ny yaourt, hanina isan'andro.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Morarano Gara distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Morarano Gara distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Morarano Gara ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan'i Moramanga. Any afovoany atsimon'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana izy satria 960 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny lalamby MLA : Moramanga Lac Alaotra ity tanàna ity, lalavon'ny lalampirenena faha-44 mampitohy an'i Moramanga, sy faritra Alaotra koa, 30 km no halavirany miala an'i Moramanga. Bezanozano no ankamaroan'ny mponina any Morarano Gara, na izany aza, hita any avokoa ireo mponina avy amin'ny foko 18 eto amintsika. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany, toy ny mangahazo, ny latsaka, ny vomanga.




NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

LALAMBE MIGODANA TALATAVOLONONDRY

# Potika ny tanimbary sy tanimbolin'ny mponina

Tokantrano tantsaha miisa 150 ao amin' ny kaominina Talatavolonondry distrikan'Antananarivo Avaradrano, lalovan'ilay lalambe migodana kasaina hatao hampitohy an'Antananarivo sy Toamasina, no velon-taraina amin'izao fotoana, satria potika ny tanimbary sy ny tanimbolin'izy ireo amin'ny hanaovana izany lalambe migodana izany. Tany am-boalohany dia voalaza fa tampon-tanety no handalovan'ilay lalana migodana hoy ireo tantsaha tompon-tany, ankehitriny anefa dia tanimbary sy tanimboly no potehana handalovan'izany, ka velon-taraina izy ireo satria fotoam-pambolena izao nefa potehana ny taninay, ka inona no hohaninay amin'ny taona ho avy raha izao no hitohy hoy izy ireo. Nambaran'ny filoha Rajoelina ihany koa, fa hisy ny fanonerana ny tanin'ireo tantsaha lalovan'ny lalambe, tsy mbola misy izany vola izany hatramin'izao, ary mbola tsy nisy ny fifampiresahana mahakasika izany, hoy ihany ny taraina'ireto tantsaha ireto. Araka izany, misy fanaovana tsinontsinona ny mponina ao anatin'ny ho fanaovana ity lalambe migodana ity.



*Ireo tantsaha tompon-tany velon-taraina any amin'ny kaominina Talatavolonondry.*

**Stefa**

Homamiadan'ny nono

# Mpikaroka Malagasy nahavita fitaovana ahafahana mitsirika azy

Nisy mpikaroka Malagasy nahavita fitaovana, ahafahana mitsirika ny homamiada, na ny cancer ny nono amin'ny vehivavy. Namorona sonde optique manana endrika stylo, ny Dr Rasata Ravelo Andriamparany, ahafahana mizaha sy mitsirika, ny selan'ny homamiadana ao anatin'ny vatan'ny olona mararin'ny homamiadan'ny nono. Nantsoiny hoe maso fahatelon'ny mpandidy izy ity ary hanampy betsaka ireo mpitsabo, amin'ny fahafantarana dieny mialoha, ny fisian'ny homamiadan'ny nono, amin'ireo andriambavilanitra. Tao anatin'ny 8 taona no nanaovany fikarohana tany Europe, momba izay homamiadan'ny nono, ka nahazoany ity vokatra ity. Mendrika ny hahazo ny loka Nobel momba ny fahasalamana, ny voka-pikarohana misongadina toy izao.



*Ilay fitaovam-pitsirihana ny homamiadan'ny nono.*

**Stefa**

Matsiatra Ambony sy Fianarantsoa

# Manana solofo mpandimby ny antoko TIM

Naneho hevitra mahakasika ny raharaham-pirenena sy ny fiainan'ny antoko TIM any Matsiatra Ambony, sy any Fianarantsoa, ny filoha leftra nasionalin'ity antoko ity any amin'ny faritanin'i Fianarantsoa teo aloha, Dr Rasolofenomanana Elysée, na Dr Elysée Zanabahoaka. Nambarany fa andalana mahazo aina ny antoko TIM amin'ny faritra Matsiatra Ambony sy amin'ny faritanin'i Fianarantsoa teo aloha. Porofon'izany hoy ny hetsika nataon'ny TIM tany Fianarantsoa, ny tanora no tena maro an'isa nanatrika an'izany ary mpianatry ny Oniversite avokoa ny ankamaroan'izy ireo. Ny antony hoy Dr Elysée Zanabahoaka, mahatsapa ny tsy maha tafavoaka ny fitondrana amin'izao fotoana izy ireo, ka manatevina ny antoko TIM, izay antoko anisan'ny antoko manana ny maha izy azy eto amin'ny firenena amin' izao fotoana. Tsy ho tafavoaka anefa ny firenena hoy izy, raha tsy haverina hitondra firenena indray ny filoha Ravalomanana, satria iaraha-nahita fa be ny zava-bita miantraika amin'ny fiainam-bahoaka nandritra ny fitondrany, hita porofo tamin'ny fampirantiana nandritra ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko TIM teto amin'ny renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony izany. Nanana sy manana ny anjara toerany lehibe amin'izany ny tanora, izahay koa tanora nanomboka nitantana ny antoko, tamin'izany nahavita fora zaza maimaimpoana niisa 1500, nialoha ny fifidianana tamin'ny taona 2018. Izao dia hita sy tsapa fa manana solofo mpandimby, na relève ny antoko, ny olana anefa tamin'izany ny fifidianana izany dia tratra ny tsindry ny olomboatendry, ka nisy ny halabato, teto Fianarantsoa ohatra, misy ny porofo amin'ny hala-bato izay, noho ny famoahana biletà tokana. Ka ny ezaka ataon'ny antoko amin'izao dia ny iadiana amin'ny hisian'ny fifidianana madio sy mangarahara, satria tsy hisy fampandrosoana raha tsy misy fahamarinana. Ny fahamarinana tsy misy no tsy mahatafavoaka ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana, hoy ihany Dr Elysée Zanabahoaka. Ary ny FFKM dia efa nilaza an'izany koa: tsy hisy fampandrosoana raha tsy misy fahamarinana. Ny zavatra ataon'ny antoko aty amin' ny faritra amin'izay: ny fisoratana anarana amin'ny lisi-pifidianana ary ny fanaraha-maso hentitra an' izany, hanentana ny olona hifidy koa izahay amin'ny fifidianana ho avy. Hamafisiko ihany, fa matanjaka ny antoko najoron'ny filoha Ravalomanana amin' izao fotoana, tsy vitsy ireo antoko teto vao niala teo amin'ny fitondrana ny mpitarika azy dia maty na nitsilopilopy ny antoko, toy ny PSD tamin'ny filoha Philibert Tsiranana, ny Arema tamin'ny filoha Ratsiraka, toy izany koa ny UNDD ny filoha Zafy Albert. Ny antoko TIM anefa hatramin'izao, mbola manana ny maha-izy azy foana ny TIM, na efa 13 taona aza tsy teo amin'ny fitondrana. Ary izahay amin'izao fotoana, mbola manetsika sy mamelo-maso, manao redynamisation ny fototra sy ny antoko amin'ny ankapobeny hatrany. Mirobo-robo tokoa ny antoko aty amin'izao fotoana, satria adinon'ny fitondrana Rajoelina ny aty amin'ny faritra izay nifidy azy, fa toa variana amin'Antananarivo izy ireo.



*Dr Rasolofenomanana Elysée, na Dr Elysée Zanabahoaka.*

**Isambilo**

Centre « La bonté Madagascar »

# Raikitra ny « Journée récréative »

Ny sabotsy 10 sy ny alahady 11 desambra teo, no nanatanterahan'ny avy eo anivon'ny Centre la bonté Madagascar ny « Journée récréative » teny amin'ny foiben-toeran'izy ireo Andraisoro (Faran'ny fiantsonan'ny zotra 141).
Raha tsiahivina, ivon-toerana iray naorin'ny Dokotera Ramanandrafaliarisoa Florienne, izay misahana ny fiahiana ireo zokiolona ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy ny Centre « La bonté Madagascar ». Natao ny « Journée récréative », hoy izy mba hahafahana mampahafantatra bebe kokoa ny sehatrasan'ny Centre la bonté Madagascar ary koa hitadiavana mpiara-miasa tsara sitrapo, afaka manabe voho sy mampiroborobo ny asa goavana sy masina iantsorohan'ny foibe. Amin'izao ankatoky ny fetin'ny faran'ny taona sy ny Asaramanitra izao ihany koa dia mendrika hitsena ampifaliana sy anatin'ny haravoana toa ny olon-drehetra ireo zokiolona. Ireto farany izay tsikaritra, fa lasa anjorom-bala ihany eny anivon'ny fiarahamonina rehetra eny ankehitriny. Mampiavaka ny Centre la bonté Madagascar ny fananan'izy ireo mpiandraikitra nanaraka fiofanana feno manodidina ny tontolon'ny zokiolona ary ny fotodrafitrasa manaraka ny fenitra, ahafahana mampiantrano ireo zokiolona. Tsy mamihina ho azy samy irery ny fahaizana norantoviny tamin'ny alalan'ny fianarana nataony ny Dokotera Ramanandrafaliarisoa, fa miezaka mizara izany amin'ny alalan'ny fanatontosana fiofanana. Manodidina ny 400 eo ho eo ankehitriny ireo olona efa nahavita fiofanana ary afaka misehatra avy hatrany amin'ny fikarakarana ireo zokiolona. Antso avo no atao ho an'ny eo anivon'ny Ministeran'ny mponina sy ny fiahiana ara-tsosialy, mba hitondra ny anjara biriky manandrify azy, ho fampiroboroboana ny sehatrasan'ny Centre la bonté Madagascar, izay mahatsiaro tena ho miady irery ihany aloha hatreto amin'ny fanatanterahana ny asa masina ataon'izy ireo. Enga anie mba tsy ho antso an'efitra izany fa hisy hihaino ! Entanina, araka izany, ireo tsara sitrapo mahatsiaro fa tsy toy izao izy ireny raha tsy teo ireo zokiolona nanabe sy nanolokolo ary tsy nitandro hasasarana, mba handray anjara mavitrika ho amin'ity "Journée récréative" natao teny Andraisoro ity.

**Lalasoa Razafindrakoto**



*Ny mpitantana ny Centre La Bonté Madagasikara.*

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety izao manaraka izao : mazava be ny sary fa tsy azo antoka ny fifidianana hoavy eo.
Manara-baovao ny Malagasy. Mandeha ny resaka fa misy tsindry goavana ary fandrahonana any ambadika any ary mety ho very anjavony ny fitsipaham-pitokisana teny anivon'ny Antenimierampirenena. Koa raha ny Antenimierampirenena izay andrim-panjakana iray manana ny maha izy azy sy ny sonian'ny maroan'isa teny aza niala maina noho ny tsindry dia ho maika ve fa ny CENI sy ny HCC ?
Ho avy indray koa ny tsindry dia hiova ny PV sy ny voka-pifidianana.
Tsy hisy fahamarinany ny fifidianana ho avy eo TENA TSY AZO ANTOKA.
Mila rafitra azo antoka sy hifanarahana miainga avy amin'ny dinika FIKAONANDOHAM-PIRENENA (concertation nationale) arak'izany ho vahaoalana.
Tena ho loza io.

**Mamonjy Ny Rina**
**Mpamaky gazety Ny Valosoa, Toamasina**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 10/12/2022 hatramin'ny 1è/12/2022**

- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37 / 033 11 650 36 / 034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/ 033 74 154 87/ 032 26 859 84
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/034 11 264 41/ 034 11 264 42/034 11 264 50

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:

Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com

NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1378-12-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### FITATERANA AN'HABAKABAKA

# Nisokatra ny sidina Mahajanga- Nosy Mayotte



*Fiaramanidin'ny kaompania Tsaradia.*

Nisokatra ny herinandro lasa teo ny sidina mampitohy an'i Mahajanga faritra Boeny, sy ny Nosy Mayotte, izay tany Frantsay ivelan'i Frantsa. Ireo manam-pahefana eto amin'ny firenena no nisantatra izany sidina izany, niara-dia tamin'ny avy amin'ny Ministeran'ny Fitaterana sy Famantarana ny Toetrandro, ny Governoran'ny faritra Boeny, nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny sidina mampitohy an'i Mahajanga sy Mayotte io, izay nataon'ny kaompania Tsaradia tany amin'ny seranam-piaraminidina Philibert Tsiranana Amborovy. Anisan'ny fanatsarana ny fitateran'ny kaompania malagasy izao fanokafana sidina izao, hoy ny Sekretera jeneralin'ny Ministeran'ny Fitaterana, izay teny an-toerana ihany koa.
Tombony amin'ny fivezivezen'ny entana sy ny olombelona hoy izy izao fisokafan'ny sidina Mahajanga-Mayotte izao, satria hampiroborobo ny lafiny fizahantany, sady mandray anjara betsaka amin'ny fampivoarana ny toekarena eto amintsika, sy ny any amin'ny faritra Boeny ihany koa.

**Aly**

### YALI

# Mikarakara fanofanana momba ny fandraharahana ampitain-davitra

Nanokatra fiofanana vaovao azo tovozin-davitra, na ampitain-davitra(en ligne), momba ny FANDRAHARAHANA sady maimaimpoana indray, ny Young African Leaders Initiative Network, na ny YALI Network. Misy ny rohy io hanarahana izany fiofanana izany, ahitana torolàlana hitazonana ny orinasa raha sanatria krizy, ny paikady hanatsarana ny fifandraisana amin'ny mpamatsy vola, na ny mpiara-miasa, na koa ny mpanjifa, ary fandrafetana "business model" maharitra, sns... Ny YALI dia tetikasa iarahana amin'ny Amerikana, manofana tanora ho mpitarika sy mpandraharaha ihany koa.

***Niaina***



*Fanofanana momba ny fandraharahana ampitain-davitra.*

Vinaninony Atsimo Faratsiho

# Tafidina 300 Ar ny kilaon'ny ovy noho ny lalana ratsy


Noho ny faharatsian'ny lalana, midina ambany dia ambany tokoa amin'izao fotoana, ny vidin'ny ovy any amin'ny kaominina Vinaninony Atsimo distrikan'i Faratsiho, faritra Vakinankaratra. 300 Ar ny kilaon'ny ovy any Vinaninony Atsimo Faratsiho, noho izay haratsin'ny lalana izay, kanefa tanàna 180 km miala ny renivohitra. Mijaly tena mijaly ny tantsaha mpamokatra, satria efa ho 20 taona tany ho any dia tsy misy fiovany mihitsy ny vidim-bokatra any an-toerana noho io lalan-dratsy io.

**Aly**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 415**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0414)

*Mitsivalana*
- Fihirana
- Ezaka
- Takona
- Disoinao
- Ady – TD
- (L)iok(a) – RR
- Fanaony

*Mitsangana*
- Fiandry
- Fody (miv)
- Hetsika
- Izao
- Rakitra
- Akondro
- Nana
- Aomby

## TENY MIFANAPAKA N° 415



**Mitsivalana**

**1.** Fitadiavana **2.** Manambatra – Omeo valiny **3.** Teny fiderana – Naoty (miv) **4.** Karazana tantara (miv) – Tampiska **5.** Betsaka – Fanirina **6.** Voankazo (miv) – Kianteny (miv) **7.** Mpanoritra – Lakroa **8.** Eny amin'ny Habakabaka (miv) – marina (miv) **9.** Tsy manaiky – Isa Romana **10.** Taova – Ratsy fofona (miv)

**Mitsangana**

**A.** Mialoha ny lalao fanatanjahantena **B.** Karazana trondro madinika (BL) – Vovoka (miv) **D.** Aro tongotra – Lavitra tsy hita maso **E.** Karazan-damba (miv) – Fanadinana **F.** Làlam-pirenena – Mpisolo tena **G.** Zava-maniry **H.** Hekitara – Fanaon'ny mpivavaka (miv) **I.** Esorina – Varahina sy volafotsy **J.** Nifanome lesona **K.** Mpanondro – Resinao (miv)

### Valinỵ Tenỵ mifanaraka 0414

**Mitsivalana**

1. Solonify 2. Orana - Vono (miv) 3. Lalina - Dia 4. Rana (miv) 5. Siny - Enina 6. Andramana 7. Miray (miv) - DR 8. Faritana (miv) 9. Ar - Na (miv) - Vary 10. Manina - Ia

**Mitsangana**

A Solosaina B. Ora - Ina - RM D. Lalandrà E. Ony - Naniry (miv) F. Nana - Amany G. Mena (miv) H. Fo - Ana - Iva I. Indrindra J. O.I - Narary K. Avana - Fia

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Ny fankalazana ny tsingerin-taona nahaterahan'ny filoha Marc Ravalomanana tao amin'ny Espace Royal ao Bateravola Fianarantsoa Omaly 12 desambra, sy ny kongresim-paritry ny antoko TIM amin'ny faritanin'i Fianarantsoa.**

















